Afaka ao amin' I Kristy

Afaka ao amin' I Kristy

"Koa raha ny Zanaka no hahafaka anareo, dia ho afaka tokoa ianareo"

Jaona 8. 36

S. Fayard

Bibles et **P**ublications **C**hrétiennes
30, rue Châteauvert BP 335 F-26003 Valence cedex

Imprimé en France

Fizahan-Takila >

ISBN : 978-2-87907-356-9
Etre libre en Christ

1. Fampidirana **5**

2. Ny fanafahana :
Manafaka antsika i Jesoa ho... **9**
– Afaka amin'ny fanamelohana 9
– Afaka amin'ny fanamarinana amin'ny alalan'ny lalàna 11
– Afaka amin'ny ratsy 14
– Afaka amin'ny tenantsika 15
– Afaka amin'izao tontolo izao sy i Satana 17

3. Ny fahafahana kristiana :
Manafaka antsika i Jesoa ho amin'ny... **20**
– Fahafahana kristiana : fahafahana hanao ny tsara, izay avy amin'Andriamanitra ihany 22
– Fahafahana kristiana : mahalala an'Andriamanitra ho Raintsika ary i Jesoa ho Tompontsika 23
– Fahafahana kristiana : manaiky hanompo ny hafa 25
– Fahafahana kristiana : manaiky hotarihin'ny Fanahy Masina. 27

4. Famintinana : AFAKA ao amin'i Kristy **29**

1. Fampidirana

« *Izay rehetra manota dia andevon'ny ota* »[1].

Eny amin'ny fiafaran'ny lalana misy ny toeram-ponenako no ahatazanana ny rindrimbe mankadirin'ny fonjan'i Alsace... Eo anilany eo anefa, toy ny maneso izany... inona hoy ianao ? Ny kianjan'ny Fahafahana. Dia manontany tena aho hoe : moa tena olona afaka tokoa ve, miohatra amin'ireo gadra gejain'ny fonja ery amin'ny 100 metatra miala azy, ireo olona mipetraka ambony dabilio mankafy ny tara-masoandro vao misandratra ireo ? « Eny » tokoa no ho valin'izany, raha ara-panjakana. Kanefa, tena olona afaka tokoa ve isika, araka ny fiheverantsika ?

Fa inona tokoa moa no atao hoe fahafahana ? Moa ny fahafaha-manao izay tiana hatao ve, mety tsy harahina fandikan-dalàna, angamba, fa amin'ny tsy fandalàna kosa ny lalàm-pitondrantena, tsy firaharahana ny hafa, ary ny tsy fiheverana afa-tsy ny tena ? Faharavana no hany vokatra ho azo, raha izany fomba fijery izany no voizina. Faharavan'ny tokantrano, ny fianakaviana, ny fiarahamonina.

---

1. Jaona 8 :34

Tsy izany velively no tena fahafahana. Tsy afa-misaraka amin'ny lalàm-pitondrantena ny fahafahana. Mora amin'ny olona, amin'izao vanim-potoana iainantsika izao, ny miresaka mikasika ny fahafahana amin'ireo fadifady sy ireo fombafomba maro efa nilaozan'ny toetrandro. Raha ny marina anefa dia mbola voafehin'ny hery tsy hainy tohaina ao anatiny izy[2].

Ny fahafahana no tombontsoa manokana nomena an'i Adama, araka ny anambaràn'ny Baiboly azy amintsika. Noarîn'Andriamanitra ho olona afaka i Adama. Azony natao tamin-kalalahana ny nihinana ny voan'ny hazo rehetra tao amin'ny paradisa[3]*. Nigoka izany fahafahana izany izy raha mbola tsara fifandraisana tamin'Ilay Mpahary, ka nanoa ny baikon' Andriamanitra : « fa ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy dia aza ihinanana »*[4]*. Tonga mpanota i Adama rehefa nandika izany didy izany : « Koa izany dia tahaka ny nidiran'ny ota avy tamin'ny olona iray ho amin'izao tontolo izao, ary ny ota no nidiran'ny fahafatesana »*[5]*. Eo ambany vahohon'ny fanandevozana sy ny tahotra ny olombelona hatramin'io fotoana io*[6].

* * *

2. 2 Petera 2. 19 • **3.** Genesisy 2. 16 • **4.** Genesisy 2. 17• **5.** Romana 5. 12 • **6.** Hebreo 2. 15 ; Romana 8. 20

« Ny Fanahin'i Jehovah no ato amiko... naniraka Ahy hitory fandefasana amin'ny mpifatotra Izy,... hanafaka izay nampahoriana »[7].

Niseho anefa ny fahasoavan'Andriamanitra. Tonga i Kristy. Izy no Mpanafaka, Izy no nanavotra antsika ho afaka tamin'ny fanandevozan'ny ratsy. Izy no mitondra an'ilay fanavaozana tanteraka hatrany amin'ny faka, izay antsoin'ny Baiboly hoe fahateraham-baovao. Afaka mandray ny fahafahana isika, noho izany. Manana fahafahana isika amin'ny fifandraisantsika amin' Andriamanitra. Tonga Raintsika any an-danitra Izy. Manana fahafahana ihany koa isika amin'ny fifandraisantsika amin'ny manodidina antsika. Tsy raisintsika ho toy ny zanak'Ikala hafa intsony izy ireny, fa ho olona tian'Andriamanitra sy tiany hampahafantarina ny tenany. Manana fahafahana ao anaty isika, amin'ny alalan'ny asan'ny Fanahy Masina, izay manafaka antsika amin'ny herin'ny ratsy sy mametraka ao anatintsika ny faniriana hanao ny tsara, mbamin'ny hery hoenti-manatanteraka izany.

Maimaimpoana no anomezan'Andriamanitra ny fahafahana ho an'ireo mametraka ny tokiny ao amin'i Jesoa Kristy. Izany no Filazantsara. Ny olona

---

7. Lioka 4. 18

voavonjin'i Jesoa dia olona afaka. Roa lafy izany fahafahana izany :

– afaka amin'ireo rehetra manandevo antsika aloha isika,

– ary afaka mianoka amin'ny fiainana tena izy, rehefa izany.

Ny Tompo Jesoa no Mpanafaka, Izy no Mpiandry tsara, Izy no Mpisoronabe fara tampony, Izy no Ilay Zanak'Andriamanitra.

Ilay lafy voalohany no mifandraika amin'ny filazana an'i Jesoa hoe Mpanafaka : – manafaka, mamaha ny fatorana. Mifandraika amin'ilay lafy faharoa kosa ny hoe Mpiandry tsara, Mpisoronabe fara tampony, Zanaka : – ny fahafahana Kristiana. Ireo endrika roa ireo no hojerentsika mifanesy eto.

2. Ny fanafahana : Manafaka antsika i Jesoa ho...

Afaka amin'ny fanamelohana

> « *Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy (Andriamanitra) ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsy fahamarinana rehetra* »[8].

Afahan'ny Tompo Jesoa amin'ny inona moa isika rehefa mandray Azy amin'ny finoana ? Voalohany indrindra, afahany amin'ilay fanamelohana, izay toetra raiki-tampisaka amin'ny olombelona rehetra, isika. Tsy vitsy ireo voafonja nijoro ho vavolombelon'ny hamafin'ny vesatr'io fanamelohana io, indrindra fa noho izy manirery ao am-ponja. Voamarikao ve fa ny teny voalohany nolazain'i Jesoa Tompo tamin'ilay mararin'ny paralysisa anie ka ny hoe : « Anaka, voavela ny helokao » ?[9] Izany ihany koa no hafatra nentin'ny apôstôly raha nitory ny Filazantsara izy[10].

Tsy misy afa-miala amin'io fanamelohana io isika tsirairay avy. Meloka isika, na tiantsika ny hahafantatra izany na tsia, na tiantsika ny

---

8. 1 Jaona 1. 9 • **9.** Marka 2. 5 • **10.** Asan'ny Apôstôly 2. 35 ; 5. 31 ; 10. 43 ; 13. 39 ; ...

hiatrika izany na tsia. Nandà ny fitiavan' Andriamanitra sy ny fahefàny isika. Samy efa nahatsiaro ho mbola nikiry ihany tamin'ny fanaovana ny zavatra efa fantatsika izao fa tsy mety isika rehetra. Tsy misy na iza na iza amin'ireo izay mbola vesaran'ny feon'ny fieritreretany afaka ny hiaina ny tena atao hoe fahafahana. Soa fa nitondra ny tsy fahamarinantsika teo amin'ny hazofijaliana i Jesoa, nentiny ny fahotantsika, ny helotsika. Maty teo amin'ny toerantsika Izy mba hahazoantsika famelan-keloka sy fanamarinana. Andriamanitra no hamafa ny fanamelohana ho an'ireo mitoky amin'io asa nataon'i Jesoa teo amin'ny hazofijaliana io[11]. Afahany amin'ny vesatry ny fahotana ny fieritreretantsika. Ny finoana no hany handraisantsika izany fanafahana izany. Ary fanomezana madiodio avy amin'Andriamanitra izy io[12]. Izany no antsoin'ny Baiboly hoe fanamarinan'ny fahasoavan' Andriamanitra, amin'ny alalan'ny finoana[13].

Ry kristiana, manafaka antsika sy manadio antsika amin'ny fahadisoantsika rehetra ny fahafatesan'i Kristy, na izay vitantsika talohan'ny fiovam-pontsika izany na izay vitantsika taty aoriana. Koa aza manaiky hovesaran'ireo

---

11. Salamo 34. 22 • **12.** Romana 3. 24 • **13.** Romana 3. 24-28

fahotana vitantsika an-taonany maro lasa intsony, dia ireo fahotana izay efa nibebahantsika teo anatrehan'Andriamanitra. Marina tokoa fa tsy maintsy manarina ny tsy mety nataontsika tamin'ny hafa isika, saingy aza hadinoina na oviana na oviana fa efa voavitrana indray mandeha tamin'ny alalan'ny fahafatesan'i Kristy ny fifandraisantsika tamin'Andriamanitra Raintsika. Ny hiaina amim-pahasambarana ao anatin'izany fifandraisana izany, angamba, no mety tsy ho haintsika. Saingy, hanana izany firaisana amin'Andriamanitra izany kosa isika rehefa miaiky amim-panetrentena an'ireo fahadisoantsika eo anatrehan'Andriamanitra, ka manankim-po amin'ny fahasoavany izay manome famelan-keloka sy fanamarinana.

Afaka amin'ny fanamarinana amin'ny alalan'ny lalàna

> « *fa Kristy no faran'ny lalàna ho fanamarinana ho an'izay rehetra mino* »[14].

« Afaka amin'ny lalàna »[15]. Filazana toa mahagaga tokoa izany, kanefa tena manafaka ! Afaka amin'ny fanamarinana amin'ny alalan'ny

14. Romana 10. 4 • **15.** Romana 7. 6

lalàna ny kristiana. Tsy ny fanarahana ny lalàna intsony no hahamarina azy eo anatrehan' Andriamanitra. Tsy eo ambany lalàna intsony izy fa eo ambany fahasoavana[16]. Ela isika vao mahazo izany lesona izany. Matetika isika no mbola mitondra tena ho toy ny voagejan'ny didy aman-dalàna mbamin'ny faneriterena, satria tsy tafalentika ao an-tsaintsika fa efa nafahana tamin'ny fanamelohana tamin'ny alalan'ny asa nataon'i Kristy ny feon'ny fieritreretantsika. Aoka isika tsy ho latsaka amin'ny fiheverana fa ny fiezahantsika hankatò ireny lalàna ireny no hiandanian'Andriamanitra amintsika.

Nomen'Andriamanitra ny vahoaka Isiraely ny lalàny, izay tsara sy masina. Nomena hotandreman'izy ireo fatratra izany. Tsy nisy anefa, na iray aza, afaka nanoa izany lalàna izany antsakany sy an-davany. Tsy natao hanamarinana ny olona eo anatrehan'Andriamanitra ny lalàna fa natao hampiharihariana kosa ny fahotana. Ary mbola izany ihany no anjara asany amin'ireo tsy manaiky an'i Jesoa Kristy ho Mpamonjy azy, mandraka ankehitriny[17]. Izany no maneho ny filàna ny famonjen'i Jesoa.

'Maty amin'ny lalàna' ny kristiana nohamarinina tamin'ny alalan'ny finoana an'i Kristy,

---

16. Romana 6. 14 • **17.** 1 Timoty 1. 8-10

satria niara-maty tamin'i Kristy izy mba ho velona ho an'Andriamanitra[18]. Aoka anefa isika tsy hihevitra fa tsy ilain'ny kristiana intsony ny lalàna. Mbola natao ho fampiharihariana ny tsara sy ny ratsy ho an'ny olona ety an-tany ihany ny lalàna. Mbola natao hampibaribary ny faharatsiana ao anatintsika ihany izy[19]. Aoka tsy hisy handika ny môraly raketin'ny lalàna satria hoe eo ambany fahasoavana! Mainka fanevatevana ny Fanahin'ny fahasoavana ny fanaovana tsinontsinona ny lalàna.

Mbola mitana ny maha izy azy ihany ny lalàna. Tsy izy anefa no fitsipi-piainana ho antsika: « Fa Kristy no faran'ny lalàna ho fahamarinana ho an'izay rehetra mino »[20]. I Kristy no fiainantsika sy fitaratra ho antsika, Izy no sary tonga lafatry ny atao hoe fahatsarana. Hotanterahin'ny Fanahy Masina ao anatintsika ireo môraly rehetra takin'ny lalàn'Andriamanitra[21], raha manaiky hiaina eo anilan'i Kristy isika, ary hahavita lavitra mihoatra izany aza isika[22].

---

18. Galatiana 2. 19 • **19.** 1 Timoty 1. 8-9 • **20.** Romana 10. 4 • **21.** Romana 8. 4 • **22.** Matio 5. 17-48

Afaka amin'ny ratsy

> « *Fa ao amin'i Kristy ny lalàn'ny Fanahin'aina no nahafaka ahy tamin'ny lalàn'ny fahotana sy ny fahafatesana* »[23].

Tsy vitan'ny hoe manafaka antsika amin'ny fanamelohan'ny ota ihany i Kristy, fa manafaka antsika ihany koa amin'ny herin'ny ota Izy. Raha fahasoavana no anomezana izany ho antsika, dia adidintsika kosa ny mandray izany amin'ny alalan'ny finoana. Na efa tonga kristiana aza isika, moa tsy mbola tsapantsika ihany ve io fangejan'ny herin'ny ratsy io? Mbola latsaka ihany amin'ireo ota nandavo antsika teo aloha, izay nahamenatra antsika tokoa, isika. Kristiana marobe, nandritra ireo taonjato maro nifandimby, no nieritreritra fa mety hanampy hampihenana ahay ny fakàmpanahy ny fitokana-monina any amin'ny toerana tsy misy an'iza na iza. Tsy tratrany anefa izany tanjona izany.

Koa inona àry izany no tokony hataoko?

– Tsy miezaka ny hanatsara ny tenako fa hanaiky kosa, indray mandeha tsy miverina, ny fahamarinana ambaran'ny Baiboly, izay hamafisin'ny zavatra hitako eo amin'ny fiainako, dia ny fanekena fa ratsy hatrany an-kibon-

23. Romana 8. 2

dreniko aho. Ampy hanaporofoana ny maha ratsy ny hazo ny voa ratsy entiny[24].

– Manaiky fa tsy ho afa-bela amin'ilay firehana hanao ratsy aho, raha amin'ny herin'ny tenako ihany[25].

– Mandray amin'ny alalan'ny finoana fa ny fahafatesan'i Kristy no hany mahafaka ahy amin'io « ota mitoetra ao anatiko » io.

– Miaina omban'ny fanampian'ny Fanahy Masina, mba hanao izay ankasitrahan' Andriamanitra.

Afaka amin'ny tenantsika

« Raha misy olona ta-hanaraka Ahy, aoka izy handà ny tenany sy hitondra ny hazofijaliany ka hanaraka Ahy. Fa na iza na iza no ta-hamonjy ny ainy, dia hahavery azy ; ary na iza na iza no hahavery ny ainy noho ny amiko, dia hahazo izany »[26].

Fantatsika ve fa mihoatra lavitra ny fanafahana amin'ny ota ny fahafahana nentin'i Kristy tamin'ny alalan'ny fahafatesany ? Mitondra ny fanafahana ny « izahontsika » koa izany fanafahan'i Kristy izany. Ny tenantsika no

---

24. Romana 7. 18 • **25.** Romana 7. 19 • **26.** Matio 16. 24-25

nataontsika nihazona ny toerana voalohany talohan'ny niovantsika fo, ny namantsika no teo amin'ny laharana faharoa, ary Andriamanitra no farany.

Eny, misy tokoa kristiana tsy mbola afaka amin'ny fangejan'ny tenany, na aorian'ny fiovam-po aza. Izy ihany no mbola mitondra ny fiainany, na matoky aza izy fa voavela heloka. Te hitondra antsika hivoaka an'io fonjan'ny fangejan'ny tenantsika io koa Andriamanitra. Noho izany, aoka isika tsy hifantoka fotsiny amin'ny tenantsika fa hamoha ny varavarana ho an'ny Tompo, toy ny voninkazo mamelatra ny felany hiantefan'ny tara-masoandro. Tsy ilaina ny fiezahantsika ho tsara mba hahazoana izany. Ny hanolorantsika ny amintsika manontolo tsy misy analana ho an'Andriamanitra, ny hiankinantsika tanteraka amin'ny hatsaram-pony, amin'ny heriny, ary amin'ny Fanahiny, no hany andrasana amintsika. Izany no tian'i Jesoa lazaina amin'ny hoe mitondra ny hazofijaliana isan'andro; izany hoe mandà ny tena ka manaraka ny Tompo amin'ny lalan'ny fankatoavana an' Andriamanitra, izay nosoritany ho antsika.

Ndeha hotsiahivintsika ny hoe nanao ahoana moa ny fomba niainan'i Jesoa: olona afaka tanteraka Izy nefa nanolotra ny ainy, tsy teo amin'ny hazofijaliana ihany fa tamin'ny fotoana

rehetra nanompoany mihitsy. Taiza no nanovozany an'izany fahatoniana sy fahafahana izany ? Tao amin'ny fitiavan'ny Rainy, izay niombom-piainana tanteraka taminy. Nampianatra antsika Izy fa tsy miorina amin'ny fahitan'ny manodidina akory ny maha isika antsika sy ny fahamendrehantsika, fa ao amin'ilay zava-miafin'ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fanavotany.

Ho afaka amin'izao tontolo izao sy i Satana

« Ary ny fandresena izay enti-maharesy izao tontolo izao dia ny finoantsika »[27].
« Ary manohera ny devoly, dia handositra anareo izy »[28].

Raha mila afahana amin'ireo fahavalo ao anatiny ny kristiana, dia tsy maintsy afahana ihany koa amin'ireo fahavalo ety ivelany izy, dia izao tontolo izao sy i Satana. Manindry ny olona ka tsy mamela azy hitraka ny herin'izao tontolo izao, na ankarihary izany – toy ny fahita any amin'ireo firenena misy fitondrana jadona – na miafinafina ao amin'ny fisainana, ny vola, ny fahafinaretana. Mamily lalana antsika hiala amin'ny fiainana

27. Jaona 16. 33 • **28.** 1 Jaona 5. 4b

araka an'Andriamanitra izy. Koa inona àry no azo atao manoloana izany? Ahoana no hahafahantsika amin'izao tontolo izao?

Voalohany, amin'ny fisaintsainana mandrakariva fa efa naharesy an'izao tontolo izao i Kristy tamin'ny fiainany tsy nanan-tsiny[29], sy tamin'ny hazofijaliana izay nandreseny ny hery rehetra mangeja an'izao tontolo izao[30]. Ho afaka amin'izao tontolo izao ihany koa isika raha miombona amin'ny fandresen'ny Zanak' Andriamanitra, amin'ny alalan'ny finoana[31].

Tsy ny hialantsika amin'izao tontolo izao akory no ilaina, fa ny handosirantsika kosa ny ratsy mba ho vavolombelon'ny Tompo isika. Afaka « hanao soa amin'ny olona rehetra »[32] isika amin'izay fotoana izay, ary ho vonona mandrakariva hamaly izay manontany antsika ny amin'ny anton'ny fanantenana ao anatintsika[33]. Toy inona moa ny fijoroana vavolombelona vitantsika amin'ireo manodidina antsika raha hitan'izy ireo fa ny tombontsoa katsahintsika anie ka tsy mba eto amin'izao tontolo izao! Ry kristiana, aoka isika ho iraka solon'i Kristy[34].

---

29. Jakoba 4. 7b • **30.** Kolosiana 2. 15 • **31.** 1 Jaona 5. 5 • **32.** Galatiana 6. 10 • **33.** 1 Petera 3. 15 • **34.** 2 Korintiana 5. 20

Raha mangeja antsika izao tontolo izao, i Satana filohany[35] kosa manandevo ny olona amin'ny fomba feno habibiana sy herisetra, ary amin'ny alalan'ny lainga. Ny finoanoam-poana, fanova-maso, fijerena tononandro, mosavy, ireo filôzôfia mandà an'Andriamanitra, fampiderana fahaizana, ary ireo fahafinaretana ao amin'ny ota, izany no fitaovana entin'ny devoly anampenana ny mason-tsain'ny tsy mpino[36] sy anandevozana azy. Soa fa tonga ny Zanak' Andriamanitra handrava ny asan'ny devoly[37]. Tsy manan-kery intsony ny devoly noho ny fahafatesan'i Jesoa[38]. Tsy manam-pahefana amin'ny mino i Satana, satria mihazona ny finoana sy ny Tenin'Andriamanitra hanoherana azy izy ireo[39]. Izany Tenin'Andriamanitra izany no manafaka[40], satria izy no fahamarinana, izay mifanohitra amin'ny lainga manandevo.

---

35. Jaona 14. 30 • **36.** 2 Korintiana 4. 3 • **37.** 1 Jaona 3. 8 • **38.** Hebreo 2. 14 • **39.** Efesiana 6. 17; 1 Petera 5. 9 • **40.** Jaona 8. 32

3 – Ny fahafahana kristiana : Manafaka antsika i Jesoa ho amin'ny...

Ndeha hojerentsika amin'izay àry ny amin'ny fahafahana kristiana nametrahan'ny Tompo antsika.

Ny fahazoana an'i La Bastille no nanamarihana ny fahafahana tany Lafrantsa, ny taona 1789. Samy manana ny olany ny amin'ity antsoina hoe fahafahana ity ny tsirairay avy, toy ireo vahoakan'i Parisy ihany : fialana amin'ireo didy jadona sy faneriterena apetraky ny lehibe, ny fanajana ora, ny fitakiana an'ireo taratasy ara-panjakana. Azo atao ihany anefa ny ho afaka amin'izany olana rehetra izany, na tsy tena manana ny antsoina hoe fahafahana aza. Ny tena fahafahana mantsy dia mikasika ny fiainana anaty. Tsy vitan'ny hoe fahafaha-manamaivana kokoa ny hazakaza-dava tsy misy farany eo amin'ny fiainana, mba hananam-potoana hamalifaliana ny fo sy ny saina, ihany izany. Tsia, ny tena fahafahana dia ny fahatsapana ho olona afaka hiaina ny fiainana nomena : ny fiainana tian'Andriamanitra ho antsika.

Noho izany, tsy tena olona afaka isika raha tsy efa nomen'Andriamanitra fiainana vaovao, dia fiainana mifaly amin'ny fanatanterahana ny sitrapon'Andriamanitra. Tsy afa-misaraka

amin'ny fankatoavana ny Tenin'Andriamanitra sy ny fiombonana aina amin'i Kristy ny fahafahana. Izany rahateo no efa nolazainy tamin'ireo nino Azy : « Raha maharitra amin'ny teniko ianareo, dia ho mpianatro tokoa ; ka ho fantatrareo ny marina, ary ny marina hahafaka anareo tsy ho andevo... Koa raha ny Zanaka no hahafaka anareo, dia ho afaka tokoa ianareo »[41].

I Jesoa no manome ny ohatra lehibe indrindra ny amin'izany fiainana izany. Nisafidy mandrakariva sy tamin-kalalahana ny hankatò ny Rainy Izy, ary nahita fifaliana feno tamin'izany.

Nivelatra tamin'ny maha izy azy Izy, na nisy aza ny nankahala Azy sy nampihatra taminy ny zavatra tsy an-drariny mbamin'ny fanevatevana. Nasehony hatramin'ny fanolorana ny tenany ho sorona ny fahafahany, noho ny fitiavany ny Rainy sy ny fitiavany antsika tsirairay avy.

Ny tena fahafahana kristiana dia miseho :

– eo amintsika, amin'ny alalan'ny fahafahamanao ny tsara omen'Andriamanitra antsika,

– eo anatrehan'Andriamanitra, amin'ny alalan'ny fahalalantsika an'Andriamanitra ho Raintsika sy i Jesoa ho Tompontsika,

– amin'ny fanompoantsika ny hafa,

---

41. Jaona 8. 31, 32, 36

– amin'izany zavatra rehetra izany amin'ny alalan'ny Fanahy Masina, izay mitarika antsika ao amin'io lalam-baovao io.

Fahafahana kristiana : fahafahana hanao ny tsara, izay avy amin'Andriamanitra ihany

« Ary Andriamanitry ny fiadanana,... Izy anie hahatanteraka anareo amin'ny tsara rehetra hanao ny sitrapony ka hiasa ao anatinareo izay hankasitrahana eo imasony amin'ny alalan'i Jesoa Kristy ; ho Azy anie ny voninahitra mandrakizay mandrakizay. Amena »[42].

Mifototra amin'ny hetaheta hanao ny tsara, sy ny fanaovana ny tsara ny fahafahana kristiana. Tian'Andriamanitra tokoa ny hananantsika an'io fahafahana io. Mandray izany fahafahana izany ao amin'ny fiainany ny mpino, noho ny fahasoavan'Andriamanitra miasa ao aminy. « Fa Andriamanitra no miasa ao anatinareo na fikasana na ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony »[43]. Misy fifamatorana saro-pantarina eo amin'ny fahasoavan'Andriamanitra sy ny fahafahan'ny mino. Ny fahasoavana no manome antsika fahafahana, ary amin'ny finoana

42. Hebreo 13. 20-21 • **43.** Filipiana 2. 13

omban'ny asan'ny Fanahy Masina no hiainantsika an'izany fahafahana izany.

Fahafahana kristiana : mahalala an'Andriamanitra ho Raintsika ary i Jesoa ho Tompontsika

« Ary satria zanaka ianareo, dia nirahin'Andriamanitra ho ato am-pontsika ny Fanahin'ny Zanany, miantso hoe : Aba, Ray ô. Ka dia tsy mpanompo intsony ianao, fa zanaka : ary raha zanaka, dia mpandova koa noho ny ataon'Andriamanitra »[44].

«... Satria manana fahatokiana hiditra ao amin'ny fitoerana masina isika noho ny ran'i Jesoa, ... dia aoka isika hanatona amin'ny fo marina »[45].

«Ento ny ziogako, ka mianara amiko ; fa malemy fanahy sady tsy miavona am-po Aho ; dia hahita fitsaharana ho an'ny fanahinareo ianareo. Fa mora ny ziogako, ary maivana ny entako »[46].

Mifamatotra akaiky amin'ny maha zanak' Andriamanitra antsika ny fahafahana, araka ny hita ao amin'ny Testamenta Vaovao. Roa ihany,

---

44. Galatiana 4. 6, 7 • **45.** Hebreo 10. 19, 22 • **46.** Matio 11. 29, 30

fa tsy telo, no toerana tsy maintsy misy antsika eo anatrehan'Andriamanitra : na isika « andevo », na isika « zanaka ».

Arakaraka ny hitomboantsika amin'ny fahafantarana an'i Jesoa no hahafantarantsika koa ny Ray. Ny fahafantarantsika an' Andriamanitra ho Raintsika no mampiditra antsika ho amin'ny tontolon'ny tena fitiavana lalina. Mandroaka ny tahotra rehetra ao ampontsika izany fitiavana izany. Fahafahana vaovao no hahazo laka amin'izay fotoana izay. Fahafahana izay mampisongadina ny tena maha ilaina an'i Jesoa sy ny fisiany marina.

Afaka hanandrana hatrany an'io fitiavan'ny Ray io isika amin'ny trangan-javatra rehetra eo amin'ny fiainantsika. Afaka manatona Azy mandrakariva amin'ny alalan'ny vavaka sy ny fiderana isika, ary tsy hisy sakantsakana satria efa voafafan'ny ran'i Jesoa ny fahotantsika rehetra. Ny Fanahy no mampiantso antsika hoe « Aba Ray », « Ray malala »[47]. Tsy maintsy homban'ny fanajana sy ny fankatoavana hatrany ny fiantsoantsika an'Andriamanitra ho Ray. Izany fankatoavana izany no vato fehizoron'ny finoantsika ny Ray.

Mbola nanampy ihany koa ny fananantsika an'i Jesoa ho Tompo, ankoatra ny fahasoavana

47. Romana 8. 15

noraisintsika tamin'ny fanekena antsika ho zanak'Andriamanitra. Mifamatotra ireo zavatra roa ireo. Mifamatotra tanteraka amin'ny voninahitry ny Ray mantsy ny fanandratantsika an'i Kristy ho Tompo, sy ny voninahiny ao anatin'izany[48]. Ho afaka miandalana amin'izay rehetra mamatotra antsika isika rehefa manaiky an'i Kristy, sy rehefa mitondra ny ziogany. Noho izany, tsy midika ho fanandevozana mihitsy akory, sanatria, ny fanekena an'i Kristy sy ny fankatoavana ny teniny. Izany no fanalahidin'ny tena fahafahana[49].

Fahafahana kristiana : manaiky hanompo ny hafa

> « *Fa efa nantsoina ho amin'ny fahafahana ianareo, ry rahalahy, kanefa aoka tsy hoentinareo hanaraka ny nofo izany fahafahana izany, fa mifampanompoa amin'ny fitiavana* »[50].

«Mandidy manapaka ny zavatra rehetra ny kristiana, tsy eo ambany fahefan'iza na iza izy. Andevo azo hampanompoana amin'ny zavatra rehetra ny kristiana. Eo ambany fahefàn'ny olona

48. Filipiana 2. 11 ; Romana 6. 4 ; Efesiana 1. 17, 20 • **49.** Romana 10. 9 • **50.** Galatiana 5. 13

rehetra izy », hoy i Martin Luther tamin'ny taona 1520. Ahoana koa izany zavatra mifanipaka izany ? Satria mifandray tendro amin'ny fitiavana manompo sy ny fanolorana ny tena ny fahafahana kristiana. Mitondra fiainana feno fifaliana ny fitiavana vokarin'ny Fanahy Masina[51], dia fiainana mahatonga anao hanompo ny hafa tsy an-tery sy hahita fahasambarana amin'ny fanaovana ny sitrapon'Andriamanitra.

Mitarika antsika hifanompo ny fahafahana atolotr'i Kristy, noho izany. Izany no toa fifanoherana ao amin'ity fahafahana ity. Ny tena fahafahako dia ny fahazoako maneho tanteraka ny maha izaho ahy, araka ny nitiavan'Ilay Andriamanitra nahary sy Mpamonjy ahy hanaovana ahy. Noarîn'Andriamanitra mba ho tia Azy aho, ary ho tia ny hafa ihany koa.

I Jesoa no tena olona afaka, ary tsy misy mihoatra Azy. Ny tena fahafahana no asehony antsika raha nilaza Izy nanao hoe : « Izaho manao izay sitrany (sitrak'Andriamanitra Ray) mandrakariva »[52]. Hoy koa Izy : « Ny Zanak'olona tsy tonga mba hotompoina fa mba hanompo »[53]. Ho antsika kosa : « Raha misy olona ta hanaraka Ahy, aoka izy handà ny tenany sy hitondra ny hazofijaliany ka hanaraka Ahy »[54].

51. Romana 5. 5 • **52.** Jaona 8. 29 • **53.** Matio 20. 28 • **54.** Matio 16. 24

Fahafahana kristiana : manaiky hotarihin'ny Fanahy Masina

« Izay itoeran'ny Fanahin'ny Tompo no itoeran'ny fahafahana »[55].

Nomen'Andriamanitra antsika ny Fanahy izay mitarika antsika ho amin'ny fiainam-baovao, dia fiainam-pahafahana sy fiainam-pifaliana. Izy no mampahafantatra antsika an'i Kristy[56]. Izy no manova ny fijerintsika tsy hifantoka amin'ny tenantsika fa hibanjina kosa ny Tompo Jesoa, mba ho tia sy hankatò Azy. Izy ihany koa no manome toky antsika fa zanak'Andriamanitra isika[57]. Izy no manome antsika ny antoka fa afa-manatona an'Andriamanitra isika.

Faly ny any an-danitra rehefa afaka sy sambatra ny kristiana[58]. Te hanome antsika fiainana be dia be sy fiainan-tsambatra amin'ny alalan'ny Fanahy Masina ny Tompo[59]. « Raha Izaho no hidiran'ny olona, dia hovonjena izy ka hiditra sy hivoaka sady hahazo hanina »[60]. Nomeny antsika mba hifaliantsika ny zavatra rehetra ka hahazoantsika ny tena fiainana[61]. Izany no nataony mba hahafahantsika manao

---

55. 2 Korintiana 3. 17 • **56.** Jaona 16. 14 • **57.** Romana 8. 16 • **58.** Lioka 15. 32 • **59.** Jaona 7. 38 ; 10. 10 • **60.** Jaona 10. 9 • **61.** 1 Timoty 6. 17-19

soa sy manolotra ihany koa. Hoy mantsy Izy: « Mahasambatra kokoa ny manome noho ny mandray »[62].

Aoka isika tsy hanao izay mampalahelo ny Fanahy Masina amin'ny mbola fanotantsika, na toy inona na toy inona endrika isehoan'izany. Meteza kosa hofenoina ny Fanahy amin'ny alalan'ny fanolorantsika feno ny tenantsika, tsy misy hanombinana, ho amin'ny fitiavana ny Ray. Maneke ho eo ambany fifehezan'ny Tompo, izay fifehezana feno fitiavana. Mianara miaina amin'ny finoana sy amin'ny fatokiana an' Andriamanitra. Hanandrana marina tokoa an'izany atao hoe fahafahana kristiana isika, raha izany no tanteraka. Sady marina eo amin'ny lafim-piainantsika manokana izany no marina ihany koa eo amin'ny fiainan'ny fiangonana. Enga anie Andriamanitra hitaona antsika hanaiky hotarihin'ny Fanahy Masina amin'ny fanatanterahana ny fotoam-pivoriana eo anivon'ny fiangonana, amin'ny fampiasantsika an'ireo fanomezam-pahasoavana nomena antsika[63], ary amin'ny fahazoana an'izay ambaran'ny Soratra Masina.

---

62. Asan'ny Apôstôly 20. 35 • **63.** 1 Korintiana 12. 11

4. Famintinana : AFAKA ao amin'i Kristy

Rentsika matetika amin'ny haino aman-jery ny momba ny Fitsarana Iraisam-pirenena itsarana an'ireo olona nahavita heloka bevava tamin'ny mpiara-belona. Tsarovy anefa fa misy fahavalo anankiray tsy azo ivalozana ihany koa, mpanao taingim-bozona, te hanandevo ny isam-batan'olona. Izao tontolo izao, ny devoly, ny fitambesaran'ny feon'ny fieritreretana, ny tahotra ny fahafatesana, ny fanandevozan'ny ratsy, ireo rehetra ireo no mitambesatra amintsika sy amin'ny mpiara-belona amintsika. Tian'i Jesoa, ary vitany, ny hanafaka antsika amin'ireo fahavalo goavana ireo.

Marina tokoa fa tsy ny fahafahana amin'ny fanandevozana ihany no atao hoe fahafahana. Fahafahana miaina feno sy miaina araka ny tokony ho izy amin'izay niantsoana antsika ny fahafahana. Fahafahana miaina araka izay naharian'Andriamanitra antsika sy nanavotany antsika, ary araka izay nitiavany antsika, izany. Miorina amin'ny fahalalantsika an'Andriamanitra ho Raintsika ny fahasambarantsika sy ny fahafahantsika. Ny fahasoavan'Andriamanitra miasa ao anatintsika no andraisantsika an'izany fahafahana izany. Ao anatin'ny fitiavana an'Andriamanitra, ny fitiavana ny rahalahy sy ny

hafa, no iainantsika an'izany. Fitiavana izay miseho amin'ny fanompoam-pivavahana atolotra ho an'Andriamanitra, amin'ny fankatoavana an'i Kristy, ary amin'ny fanompoana ny rahalahy sy ny hafa, amin'ny herin'ny Fanahy Masina[64].

Ry kristiana, moa efa anisan'izany vahoaka afaka sy mahalala ny feo mahafaly izany koa ve isika ?[65]

64. Romana 15. 13 • **65.** Salamo 89. 15